



MICS

MAMOKATRA POROFO MBA HANAMPIANA NY ANKIZY



Madagascar

Fanadihadina isam-bondrona mahasahana tondro maro, 2018

Famintinana ny valin'ny fanadihadina - Aogositra, 2019



Ny fanadihadina isam-bondrona mahasahana tondro maro (MICS) dia notanterahin'ny Ivo-toerana misahana ny Antontan'isa (INSTAT) tamin'ny taona 2018 ao anatin'ny fandaharan'asa iraisam-pirenena MICS. Ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Ankizy (UNICEF) dia nanome tosika ara-teknika tamin'ny fanatanterahana izany. Nandray anjara tamin'ny famatsiana ara-bola kosa ny UNICEF, ny Banky Iraisam-Pirenena ary ny USAID.

Ity tatitra ity dia mampiseho ny vokatra ny fanadihadina MICS 2018. Ny tatitra feno sy ireo antontan'isan'ny fanadihadina dia azo jerena ato: <https://mics.unicef.org/surveys>.



Fahafenoan'ny santionany sy ny momba ny tokantrano sy ny olona nohadihadina

Valin'ny fanadihadina

Teto Madagasikara dia niara-dalana tamin'ny Fanisana Ankapobeny ny Mponina sy ny Toeram-ponenana (RGPH-III) sy ny fihodinana voalohany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ny fanatanterahina ny fanadihadina teny amin'ny tokantrano tamin'ity MICS 2018. Na izany aza anefa dia ambony ny taham-pandraisana anja (98 % teo amin'ny tokantrano, 91 % ho an'ny vehivavy, 85 % ho an'ny lehilahy, 96 % ho an'ny ankizy latsaky ny dimy taona ary 96 % ho an'ny ankizy dimy ka hatramin'ny 17 taona) noho ny fanentanana natao tamin'ny haino aman-jery, tamin'ny peta-drindrina ary ny fanentanana ifotony teny anivon'ny fiaraha-monina.

Momba ny tokantrano sy ny mponina

Tokantrano efatra amin'ny dimy no manana lehilahy ho lohany. Ny tokantrano iray dia ahitana olona 4,5 amin'ny ankapobeny. Azo lazaina fa tanora ny Malagasy satria ny antsasaky ny mponina dia latsaky ny 18 taona, 43 % dia latsaky ny 15 taona ary 15 % dia latsaky ny dimy taona.

Ny maon'isa amin'ireo lehilahy (58 %) sy vehivavy (63 %) nohadihadina dia manambady na miara-monina amin'olona ka mifampitondra ho toy ny mpivady. 38 % ny lehilahy ary 24 % ny vehivavy kosa no tokan-tena, izany hoe mbola tsy nanambady na niara-nitoetra tamin'ny olona ka nifampitondra ho toy ny mpivady mihitsy.

13 % ny ankizy latsaky ny 18 taona no tsy miara-mipetraka na amin'ny ray na amin'ny reny niteraka azy, ny 16 % amin'izy ireo kosa dia miara-mipetraka amin'ny reny niteraka fotsiny ary ny 4 % dia miara-mipetraka amin'ny ray niteraka fotsiny.

Haino aman-jery sy teknolojia amin'ny fampitam-baovao sy serasera

Mbola vitsy an'isa ireo lehilahy sy vehivavy mampiasa ny haino aman-jery. Ny vata fandraisam-peo no mitana ny laharana voalohany ary ampiasain'ny antsasaky ny lehilahy sy ny vehivavy 15 ka hatramin'ny 49 taona. Ny ampahefat'izy ireo ihany kosa no mijery fahitalavitra ary olona 15 ka hatramin'ny 49 taona iray amin'ny folo ihany no mamaky gazety an-tsoratra.

Etsy an-daniny, ny antsasaky ny tokantrano (52 %) dia manana finday ary ny antsasaky ny olona 15 ka hatramin'ny 49 taona dia mampiasa izany avokoa, mitana ny laharana voalohany amin'ny fitaovantsearasera noho izany ny finday.

Etsy an-kilany kosa dia 5 % ny tokantrano ihany no manana solosaina ary tokantrano iray amin'ny folo ihany no afaka mampiasa aterineto. 8 % ny olona 15 ka hatramin'ny 49 taona ihany no mahay mampiasa ny solosaina.



Ny ankizy tsirairay dia mivelona sy mivelatra : ny fahavelomana

Fahafatesan'ny ankizy

Nahitana fihenana ny taham-pahafatesan'ny ankizy latsaky ny dimy taona tato anatin'ny 15 taona farany : tamin'ny taona 2006 dia ankizy 72 amin'ny 1 000 no maty alohan'ny faha-dimy taonany, tamin'ny 2016 kosa dia nihena ho 59 izany.

Na dia nahitana fihenana aza dia mbola ambony ihany ny taham-pahafatesan'ny ankizy latsaky ny herintaona satria dia ankizy 40 amin'ny 1 000 no maty alohan'ny faherintaonany. Tsy nahitana fiovana kosa ny taham-pahafatesan'ny zaza latsaky ny iray volana (zaza 22 amin'ny 1 000 no maty alohan'ny fahafenoany iray volana).



Ny ankizy tsirairay dia mivelona sy mivelatra : ny fahasalaman'ny reny sy ny fiterahana

Fananahana sy fanabeazana aizana

Amin'ny ankapobeny, teo anelanelan'ny taona 2015 sy 2018, ny vehivavy

anakiray dia miteraka zaza 4,6. Ny vehivavy monina any ambanivohitra dia miteraka betsaka kokoa (zaza dimy isam-behivavy) raha mitaha amin'ny vehivavy monina an-drenivohitra (zaza 3,4 isam-behivavy).

Ny fisorohana ny vohoka lasa aloha loatra dia fomba iray ahafahana mampihena ny fiterahana alohan'ny faha-18 taona izay hita mihamitombo eo amin'ireo taranaka aty aoriana.

Vehivavy manambady roa amin'ny dimy no mampiasa fomba fanabeazana aizana maoderina. 65 % ny vehivavy manambady no manana filàna fomba fanabeazana aizana izay voavaly amin'ny fomba maoderina. Ilàna ezaka manokana araka izany ny famaliana ny filàna izay mbola tsy voavaly.

Fahasalaman'ny reny sy ny zaza vao teraka

Ny fitondrana vohoka dia manome fahafahana ho an'ny vehivavy hisitraka tolotra manokana mahakasika ny fahasalamany sy ny fahasalaman'ny zaza ao an-kibony. Na izany aza anefa, ny antsasaky ny vehivavy nitondra vohoka ihany no nahatanteraka ny fisafoana efatra izay tokony hatao. Na dia ilaina aza ny fisafoana dieny vao manomboka ny fitondrana vohoka dia 27 % ny vehivavy nitondra vohoka ihany ny nisafo talohan'ny fahefa-bolan'ny kibony araka ny toromarika. Ny 22 % ny vehivavy nitondra vohoka ihany no nahazo ireo toko telon'ny fisafoana dia ny fitsapana ny tosi-drà, ny fangalana santionana rà sy amany.

Fiterahana enina amin'ny folo no natao tany an-trano. Fiterahana iray ao anatin'ny roa ihany no natrehin'ny mpiasan'ny fahasalamana. 2 % ny fiterahana no natao tamin'ny alalan'ny fandidiana.

Ny ankamaroan'ny zaza mena vava (78 %) sy ireo reny tera-bao (72 %) dia nisitraka ny fikarakarana ara-pahasalamana tao anatin'ny roa andro taorian'ny fiterahana. Na izany aza anefa, 10 % ny zaza vao teraka ihany no napetraka teo an-tratran-dreniny tsy misy lamba, 34 % ihany no niandry 24 ora vao nosasana ary 45 % ihany no nampinonoana tao anatin'ny adiny iray taorian'ny fahaterahany.

Fahafatesan'ny olon-dehibe

Nandritra ny MICS 2018 dia napetraka tamin'ireo vehivavy 15 ka hatramin'ny 49 taona ny andiam-panontaniana ahafahana mikajy ny taham-pahafatesan'ny ren'y. Izany dia natao tamin'ny alalan'ny kajy mivantana na ny kajy amin'ny alalan'ny rahavavy ary mitaky filazana azo antoka sy mari-pototra mahakasika ny rahavavy ananan'ny vehivavy iray, ireo efa maty ary indrindra ireo maty nandritra ny fitondrana vohoka na nandritra ny fiterahana na tao anatin'ny roa volana taorian'ny fiterahana. Hita tamin'izany fa ren'y 426 amin'ny zaza teraka velona 100 000 no maty noho ny fitondrana vohoka na ny fiterahana.

VIH sy fitondran-tena ara-pananahana


Mbola vitsy (27 % ny lehilahy ary 22 % ny vehivavy 15 ka hatramin'ny 49 taona ary 23 % ny tanora 15 ka hatramin'ny 24 taona) no mahafantatra ny fomba fisorohana ny fifindran'ny tsimok'aretina VIH amin'ny alalan'ny fiarahana amin'ny olona tokana tsy mitondra ny tsimok'aretina sy ny fampisaiana kapaoty isaky ny manao firaisana ara-nofo.

Azo lazaina fa betsaka ny olona manana toe-tsaina manilikilika ireo mitondra ny tsimok'aretina VIH (vehivavy telo amin'ny efatra ary lehilahy fito amin'ny folo no voasokajy ho toy izany).

Mbola ambany dia ambany ny tahan'ny fitiliana sy fandraisana ny valin'izany na amin'ny mponina amin'ny ankapobeny na ho an'ny vehivavy mitondra vohoka mandritra ny fisafoana.

Betsaka ireo lehilahy manana fitondran-tena mampidi-doza manoloana ny tsimok'aretina VIH satria dia 20 % no manao firaisana amin'ny vehivavy maro kanefa dia 4 % amin'izy ireo monja no mampiasa kapaoty.

Mbola betsaka ny firaisana ara-nofo lasa aloha loatra : vehivavy 15 ka hatramin'ny 24 taona iray amin'ny dimy ary lehilahy 15 ka hatramin'ny 24 taona iray amin'ny folo no niroso tamin'ny firaisana ara-nofo talohan'ny faha 15 taonany.



Ny ankizy tsirairay dia mivelona sy mivelatra : fahasalamana, sakafo sy fitomboana

Vaksiny

41 % ny zaza 12 ka hatramin'ny 23 volana no nahazo ny vaksiny fototra (BCG, Polio intelo, DTC intelo, kitrotro). 25 % ny zaza amin'io salan-taona io ihany no nahavita ny vaksiny rehetra talohan'ny faherintaonany. Etsy an-daniny, 20 % ny zaza amin'io salan-taona io dia tsy nahavita na dia vaksiny iray aza.

Betsaka ny fahaverezana sy ny fialana an-daharana ho an'ireo vaksiny miverimberina indrindra eo anelanelan'ny fatra voalohany sy ny fatra fahatelo.

Aretin'ny ankizy

38 % ny ankizy latsaky ny dimy taona izay voan'ny aretim-pivalanana no nitadiavana fitsaboana na torohevitra tany amin'ny toby na mpiasan'ny fahasalamana. Nandritra izany aretina izany, ankizy marary iray ao anatin'ny dimy no nahazo fisotro famerenana am-bava (SRO vovony na ranony) ary ankizy iray amin'ny roa no nomena sakafo kely noho ny isan'andro.

Na dia manana lay misy ody moka aza ny tokantrano efatra amin'ny dimy dia mbola misy ankizy latsaky ny dimy taona efatra ao anatin'ny folo tsy matory ao anaty lay misy ody moka. Ny antsasak'ireo ankizy tratry ny fanaviana ihany no nitadiavana fitsaboana na torohevitra teny amin'ny toby na mpiasan'ny fahasalamana.

40 % ny ankizy latsaky ny dimy taona izay nampiseho soritr'aretin'ny taovam-pisefoana ihany no nitadiavana fitsaboana na torohevitra teny amin'ny toby na mpiasan'ny fahasalamana.

Fampinonoana sy sakafon'ny ankizy madinika

Zaza mena vava iray amin'ny roa ihany no ampinonoan-dreniny ao anatin'ny adiny iray taorian'ny nahaterahany. Ny antsasaky ny zaza latsaky ny enim-bolana ihany no misitrika ny nonon-dreny tsy misy fanampiny ary ankizy telo amin'ny dimy no misitraka ny nonon-dreny hatramin'ny faharoa taonany.

Amin'ny ankapobeny, ankizy enina ka hatramin'ny 23 volana iray ao anatin'ny efatra no misitraka ny fihinana sakafo maro karazana araka ny torohevitra.

Tsy fanjarian-tsakafo

Eto Madagasikara dia tena ratsy ny toe-piainan'ny ankizy latsaky ny dimy taona satria dia 42 % amin'izy ireo no tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka, izany hoe ankizy fohy loatra raha ny taonany.

6 % ny ankizy latsaky ny dimy taona kosa no tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika ka ny 1 % amin'ireo dia tena lalim-paka, izany hoe ankizy tsy ampy lanja raha ny halavany. Ny ankizy 12 ka hatramin'ny 17 volana no tena betsaka (9 %) tratran'ity tsy fanjarian-tsakafo ity raha miohatra amin'ny ankizy amin'ny salan-taona hafa.

Fitomboan'ny ankizy madinika

Azo lazaina fa mbola tsy ampy ny fandraisan'ny ray aman-dreny anjara amin'ny sehatra mamporisika sy mampiomana amin'ny fianaran'ny ankizy satria dia ny ampahefatra ny ankizy roa ka hatramin'ny efa-taona ihany no misy ray aman-dreny na olon-dehibe hafa miaraka aminy ao anatin'ireo sehatra ireo. Ambonin'izany, 15 % ny ankizy telo ka hatramin'ny efa-taona ihany no mandia garabola.

Ankizy latsaky ny dimy taona telo ao anatin'ny dimy no avela irery na avela ambenan'ankizy latsaky ny folo taona mihoatra ny adiny iray nandritra ny herinandro nialoha ny fanadihadina.

Ankizy telo ka hatramin'ny efa-taona fito ao anatin'ny folo no azo lazaina fa eo an-dalam-pandrosoana amin'ny sehatra telo farafahakeliny amin'ireto sehatra ireto : toe-batana, fianarana, fiarahamonina sy fihetseham-po ary famakian-teny sy kajy.



Ny ankizy tsirairay dia mianatra

15% ny ankizy telo ka hatramin'ny 4 taona ihany no mandia garabola; 76 % ny ankizy enina ka hatramin'ny folo taona no mianatra eny amin'ny ambaratonga fototra na mihoatra ; 27 % ny ankizy 11 ka hatramin'ny 14 taona no mianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa na mihoatra ary 13 % ny ankizy 15 ka hatramin'ny 17 taona no mianaratra eny amin'ny ambaratonga fahatelo na mihoatra.

Eo amin'ny lafiny fitoviana lenta dia manatombo kely ny tahan'ny vehivavy an-tsekoly amin'ny ambaratonga fototra raha oharina amin'ny an'ny lehilahy (1,07 ny tahan'ny fitoviana lenta amin'ny fianarana amin'io ambaratonga io). Miakatra ambony kokoa io tahan'ny fitoviana lenta io amin'ny ambaratonga faharoa (1,37) sy fahatelo (1,24).

Mbola olana saro-bahana ny famitana ny ambaratonga iray satria dia ankizy telo ao anatin'ny dimy ny mahavita ny ambaratonga fototra ; ny ampahefatra ny ankizy no mahavita ny ambaratonga faharoa ary ankizy iray ao anatin'ny enina no mahavita ny ambaratonga fahatelo.

Ny ampahatelon'ny ankizy 11 ka hatramin'ny 14 taona dia tsy mianatra. Amin'ny ankapobeny dia ny lehilahy no tena voakasiky ny tsy fandehanana an-tsekoly amin'ny ambaratongam-pianarana rehetra.

Ankizy fito ka hatramin'ny 14 taona iray ao anatin'ny efatra no manana ny hay tao fototra amin'ny famakiana teny ; 7 % ny ankizy fito ka hatramin'ny 14 taona kosa no manana ny hay tao fototra amin'ny kajy.



Ny ankizy tsirairay dia voaro amin'ny herisetra sy ny fanararaotana

Firaketana ny fahaterahana

Na dia betsaka aza ireo zava-bita tao anatin'ny tetik'asa Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy (EKA) nanomboka tamin'ny taona 2004 dia mbola olana mipetraka mandrak'ankehitry ny tsy firaketana ny fahaterahan'ny ankizy satria dia ankizy latsaky ny dimy taona iray ao anatin'ny dimy no mbola tsy voarakitra ao anatin'ny rejistry ny sora-piankohonana.

Renin'ankizy tsy voarakitra telo ao anatin'ny dimy no mahalala ny fomba firaketana ny fahaterahana ao amin'ny sora- piankohonana.

Fitsipi-pitaizana ny ankizy

Ankizy sivy ao anatin'ny folo no iharan'ny fitsipi-pitaizana mahery setra izay miseho amin'ny sazy mahery vaika ara-batana na ara-tsaina. Ankizy iray ka hatramin'ny 14 taona ao anatin'ny folo no iharan'ny fanasaziana tena mahery vaika be.

Ity fomba fanasaziana ity dia saika hita amin'ny tokantrano rehetra satria dia reny na mpitaiza ankizy enina ao anatin'ny folo no milaza fa ilaina ny fanasaziana ara-batana amin'ny fanabeazana ny ankizy.

Asan'ny ankizy

Na dia eo aza ny lalàna mandrara izany dia mbola betsaka ireo ankizy tafiditra ao anatin'ny sehatry ny asa. Raha ny ankizy dimy ka hatramin'ny 17 taona ohatra dia ny antsasak'izy ireo no efa tafiditra sahady ao anatin'ny sehatry ny asa. Tafiditra ao anatin'io ny fanaovana raharaha ao an-tokantrano sy ny asa fitadiavana raha mihoatry ny tokony ho izy ary ny asa mampidi-doza.

Azo lazaina fa tafiditra aloha loatra ao anatin'ny sehatry ny asa ny ankizy satria ny 36 % ny ankizy dimy ka hatramin'ny 11 taona dia efa manao asa fitadiavana sahady.

Ankizy dimy ka hatramin'ny 17 taona iray ao anatin'ny telo no tafiditra ao anatin'ny asa mampidi-doza amin'ny fahasalamana sy ny fivoarany ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy.

Fanambadian'ny ankizy

Ny fanambadian'ny ankizy alohan'ny faha-18 taonany dia fanitsakitsahina ny zo mahaolona. Eto Madagasikara anefa dia mbola betsaka ny ankizy tafiditra ao anatin'izany satria tovovavy 20 ka hatramin'ny 24 taona roa ao anatin'ny dimy no manambady na miditra ao anatin'ny fiainan-tokantrano aloha ny faha-18 taonany ary 13 % ny tovovavy ao anatin'io salan-taona io dia manambady na miditra ao anatin'ny fiainan-tokantrano aloha ny faha-15 taonany.

Faritra dimy no ahitana taham-panambadian'ankizy ambony dia ny faritra Atsimo Atsinanana (60 %), Atsimo Andrefana (66 %), Melaky (54 %), Betsiboka (51 %) ary Sofia (54 %).

Ny fampitahana ny sokajin-taonan'ny vehivavy dia ahitana fa mihamiakatra ny taham-panambadian'ny ankizy.



Ny ankizy tsirairay dia miaina ao anaty tontolo iainana azo antoka sy madio

Ny antsasa-manilan'ny mponina (57 %) dia tsy mampiasa rano madio ary olona efa ao anatin'ny dimy no misotro rano misy E.coli izany hoe malotonm-biby na an'olona.

Olona efatra ao anatin'ny dimy no mampiasa kabone tsy manaraka ny fenitra, ny roa amin'ireo dia mangery an-kalamanjana.

Olona iray amin'ny efatra ihany no manana toerana fanasana tanana misy rano sy savony ao an-tokantrano.

Vehivavy sivy ao anatin'ny folo no milaza mampiasa fitaovana azo ekena ary manana toerana ahafahana misasa sy misolo ao an-tokantrano mandritra ny fadim-bolana. Vehivavy iray amin'ny folo kosa no milaza fa tsy afaka nandray anjara tamin'ny sehatra ara-piaraha-monina na fianarana na fiasana nandritra ny fadim-bolana.



Ny ankizy rehetra dia manana vintana mitovy ho tafita amin'ny fiainana

Fahasembanana

13 % ny ankizy roa ka hatramin'ny 17 taona no manana fahasembanana. 5 % ny ankizy roa ka hatramin'ny 17 taona izay mampiasa fitaovana manampy amin'ny fandrenesana na amin'ny fandehanana dia mbola manana fahasahiranana ihany.

Ankizy roa ka hatramin'ny efa-taona iray amin'ny folo no manana fahasembanana ; ny betsaka indrindra dia ny fahasahiranana amin'ny fianarana (4,4 %), amin'ny fifandraisana amin'ny hafa (3,5 %) ary amin'ny fifehezan-tena (2,5 %).

14 % ny ankizy dimy ka hatramin'ny 17 taona no manana fahasembanana : ny fanahiana (3,7 %), ny fahaketrahana (3,1 %) ary ny olana amin'ny fianarana (2,9 %) no tena hita amin'izy ireo matetika.

Fiahiana ara-tsosialy

4 % ny lehilahy ; 3 % ny vehivavy 15 ka hatramin'ny 49 taona ary 2 % ny ankizy latsaky ny 18 taona no manana fiantohana ara-pahasalamana.

Ny ampahefatra ny mponina dia nisitraka fanampiana tao anatin'ny telo volana nialoha ny fanadihadina. Raha ny fanampiana ara-tsosialy tsy misy tambiny fotsiny, izany hoe ankoatra ny fisotroan-dronono sy ny fanampiana amin'ny fampianarana, no jerena dia midina ho 5,5 % ny mponina ary 6,4 % ny ankizy no misitraka izany. 2 % ny tokantrano no misitraka ny fanampiana ara-bola, torak'izany koa ny tetik'asa tana-marô (na HIMO) ary 3 % no misitraka fanampiana ara-tsakafo. 23 % ny tokantrano ao anatin'ny sokajy roa mahantra indrindra no misitraka ireo fanampiana ireo. Amin'ny ankapobeny dia mifantoka any amin'ny faritra atsimon'ny nosy ny fanampiana ara-tsosialy.



Herisetra amin'ny vehivavy

Ny herisetra amin'ny vehivavy matetika dia hamarinin'ny fiaraha-monina ho toy ny fanitsiana azy rehefa tsy manaraka ny anjara toerany amin'ny maha-vehivavy azy izy. 41 % ny vehivavy ary 29 % ny lehilahy 15 ka hatramin'ny 49 taona dia milaza fa rariny ny lehilahy raha mikasi-tanana ny vadiny noho ny antony samihafa.

14 % ny vehivavy no efa niharan'ny herisetra ara-nofo ; 32 % no niharan'ny herisetra ara-batana hatramin'ny nahafeno 15 taona azy.

Vehivavy iray amin'ny efatra kosa no efa niharan'ny herisetra nataon'ny vadiny na ny vadiny taloha. Tao anatin'ny 12 volana farany dia 12 % ny vehivavy no niharan'izany herisetra nataom-bady izany.



© UNICEFUN025694/Ralavita



MAMOKATRA POROFO MBA HANAMPIANA NY ANKIZY

Raha mila fanazavana fanampiny:

Ivo-toerana misahana ny Antontan'isa (INSTAT)
Lot III R 245, Rue, Jules RANAIVO
BP 485, Anosy - 101 Antananarivo, Madagascar
Tel : (261-20) 22 216 52
Site web: www.instat.mg
Mail: info@instat.mg



Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny ankizy
Maison Commune des Nations Unies, Zone Galaxy Andraharo
B.P. 732 - 101 Antananarivo, Madagascar
Tel: (261-20) 23 300 92
Site web: www.unicef.org/madagascar
Mail: antananarivo@unicef.org

